

NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO

La Voix des (rizi)pisciculteurs

Numéro spécial

LVRP

Trimestrielle

EDITORIAL

Chers lecteurs,

Nous sommes heureux de vous présenter cette nouvelle formule de la Voix des (Rizi)Pisciculteurs. Cet outil de communication au service de la filière piscicole existe maintenant depuis plus de 3 ans !! Chaque trimestre, ce journal gratuit sert de tribune aux acteurs du développement piscicole à Madagascar : Actualité piscicoles, fiches techniques... mais aussi partage d'expériences, poèmes et annonces diverses... Plus de trente producteurs et agents de développement ont déjà pu s'exprimer librement dans nos colonnes.

Cette formule est innovante à plus d'un titre : innovante par son format, plus pratique, plus large, en un mot plus «conviviale». Son papier recyclé est également plus écologique !! Une façon pour nous de saluer le sommet de Copenhague qui se tient actuellement. Troisième nouveauté, son tirage qui passe de 200 à 1 000 exemplaires afin d'étendre sa diffusion dans 5 régions: Itasy, Analamanga, Haute Matsiatra, Vakinankaratra et Atsinanana.

Un grand merci au projet BVPI SE / HP qui cofinance ce numéro spécial aux cotés de nos bailleurs habituels. Tous ensemble, nous souhaitons à nos fidèles lecteurs de très bonnes fêtes de fin d'année et une excellente année 2010.

La rédaction LVRP

SASINTENY

Ry mpamaky hajaina,

Mahafaly anay ny manolotra anareo ny gazety Ny Feon'ny Mpiompy Trondro amin'ny endriny vaovao. Efa nisy telo taona izao mantsy ity fitaovan-tseraseran'ny fiompiana trondro ity!! Miezakaka mamory ny mpisehatry ny fampandrosoana ny tontolon'ny trondro eto Madagasikara ny gazety isaky ny telo volana, amin'ny alalan'ny Zavamisy, ny fisy teknika...eny fa na ny fizarana traikefa, tononkalo sy ny filazana samihafa... Mihoatra ny telopolo ny mpamokatra sy ny mpisehatra efa naneho ny heviny an-kalalahana namamafy orina ny gazety ho fampandrosoana ity seha-pihariana ity.

Miaraka amin'ny endriny vaovao ny maha-mora vakiana azy koka, ny fanatsarana eo amin'ny habeny, ny firafitry ny lahatsotratra, sns. Azo fehezina tsotra amin'ny teny hoe « maha-te- hamaky ». Ny taratasy ampiasaina rahateo manaja ny tontolo iainana. Fanapahan-kevitra noraisina izany entinay manohana ny fikaonandoha hanatsarana ny tontolo iainana ao Copenhague izay mizotra amin'izao fotoana izao. Fanatsarana fahatelo, ny fanotana ny gazety ho 200 lasa 1000 isa mba hahasahana ny faritra dimy : Itasy, Analamanga, Matsiatra Ambony, Vakinankaratra ary Atsinanana. Fisaorana lehibe no atolotra ho an'ny tetikasa BVPI SE / HP izay manohana ny ampahan'ny lany, eo anilan'ireo mpanohana namana mahazatra, amin'ity laharana manokana ho azy ity. Ny ekipan'ny fanoratana rehetra ary dia mirary anareo mpamaky ny gazety Ny Feon'ny Mpiompy Trondro mahafatra-po hanao fety sambatry ny faran'ny taona sy handray am-pifaliana ny taona vaovao 2010.

Ny Ekipa LVRP



SOMMAIRE :

- **INTERVIEW :** P. 2
Avec le coordinateur BVPI SE/HP
- **PARTAGE :** P. 3
- Elevage de termites
- **PROFESSION PAYSAN :** P. 5
- Le poisson, alimentation familiale et source de revenu
- La production commune d'alevins : un pas vers la structuration de l'association
- **PARTENARIAT :** P. 8
- La pisciculture à Atsinanana
- CSA Isandra
- **TÉMOIGNAGE :** P. 10
- Poème
- Nous avons pu saisir une bonne opportunité

Fiompiana trondro
Miaraka amin'ny
tantsaha



APDRA

Antenne
Madagascar

La Résidence sociale
110 Antsirabe
MADAGASCAR

Tel : (261) (20) 44 915 85

Courriel :

apdrameda@moov.mg

NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO

Talen'ny fanoratana
(Directeur de la rédaction) :
Marc Oswald

Tonia (Rédacteur en chef) :
Rabarijaona Tsirihaina

Mpanoratra (Rédacteurs) :
Tantsaha (Les pisciculteurs)
Mpiara-miombon'antoka
(Les partenaires-organismes)
APDRA antenne Madagascar

Sary (Photos) :
APDRA antenne Madagascar

Kisarisy (Illustration) :
Razafindrakoto Christian

Fanitsiana sy dika teny
(Correction et traduction) :
APDRA Antenne Madagascar

LES PARTENAIRES FINANCIERS

Projet
BVPI/SEHP



Conseil Général
de l'Essonne



La Fondation
Air Liquide



Région Basse
Normandie



AFD



La Fondation
AnBer



Eric Denis dia mpandrindra ny tetikasa BVPI SE / HP (Bassins Versants Périmètre Irrigué Sud Est / Hauts Plateaux) tanterahan'ny BRL. Nanaiky izy ny hamaly ireto fanontaniana ireto ao anatin'ity laharana manokan'i Feon'ny Mpiompy Trondro ity.



Eric Denis est le Coordinateur du Projet BVPI SE / HP (Bassins Versants Périmètre Irrigué Sud Est / Hauts Plateaux) mis en œuvre par le bureau d'étude BRL. Dans le cadre de ce numéro spécial de la Voix des (Rizi) pisciculteurs, il a accepté de répondre à nos questions.»

LVRP : Ny tetikasa BVPI SE / HP, tohanan'ny AFD ara-bola, dia manana fomba fiasa hafakely miaraka amin'ireo mpamokatra sy mpisehatra ho amin'ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra eto Madagasikara. Afaka manazava aminay ny momba izay ve ianao ?

LVRP : Le projet BVPI SE / HP, financé par l'AFD, représente une approche originale pour les producteurs et les acteurs du développement rural à Madagascar. Pouvez-vous nous donner des précisions ?

E.D. Tetikasa miompana amin'ny fampandrosoana ny famokarana ny BVPI SE/HP izay manana tanjona hanatsara ny vola miditra eo amin'ny tantsaha eo ampitandroana ny tahiry voa-janahary.

Mifototra amin'ny fampandrosoana maharitra ny asany amin'ny fanamafisana ireo izay mamorona ny atao hoe seha-pamokarana : ny vokatra manodidina ny biby sy ny voly, ny fahazoana ambioka, ny fahazoana famatsiam-bola, ny fahatombanana ara-tany, ny famarotana, ny fanatsarana ny foto-drafit'asan'ny rano ho an'ny fambolena. Miara-miasa amin'ny olon-tokana izahay, izany hoe miditra ao anatin'ny asam-pamokarany, na koa vondron'olona, izany hoe miaraka amin'ny vondrona tantsaha.

Miaraka amin'ireo voalaza ireo koa ny fitandroana ny tontolo iainana amin'ny fampiharana ny voly miaro ny tontolo iainana tsy ho simba sy ny fomba isan-karazany hiarovana ny toerana marefo tahaka ny fambolena-kazo sy ny aro riaka. Mahakasika faritra efatra ny tetikasa ka anisan'izany i Vakinankaratra. Ny manome lanja ny zava-misy ao an-toerana sy ny firaisan-kina izay mety hisy manodidina ny sombin-toerana mazava izay ny tanety sy ny tanimbary no maha-izy azy ny tetikasa.

LVRP : Eto Madagasikara, tsy afa-misaraka ny fambolena sy ny fiompiana eto amin'ny ivon-tany afovoany. Ahoana no andraisan'ny tetikasa ny fifamenoana ?

E.D. Ny tsikaritra voalohany, rehefa mandehandeha ato anatin'ny ivon-tany afovoany, dia hita na aiza na aiza ny fiompiana. Tena mikasika ny ankamaroan'ny seha-pamokarana tokoa izy. Hitanay noho izany fa ilaina ny miasa momba ny fiompiana ao anatin'ny tetikasa. Ankoatra izay, mampidi-bola koa izy izay mifanohitra amin'ny voly aza, izay hohanina eo an-toerana.

Kanefa raha miresaka fifamenoana isika eo amin'ny fiompiana sy ny fambolena amin'ny fahalonahan'ny tany sy ny fifamenoana ara-toe-karena, dia mifaninana izany eo amin'ny lafiny famokarana hai-maitso. Be loatra ny mpampiasa ny tany raha ny Faritra Vakinankaratra no jerena ka tsy maharaka ny famokarana hai-maitso izay tsy maintsy ilàna ny famokaram-bary. Voatery izahay mahazo izay zava-misy izay mba tsy hampifanohitra azy roa tonta. Manoloana izany, ny BVPI SE/HP dia miasa amin'ny seha-piompiana rehetra miainga amin'ny tantely ka hatramin'ny omby, sy ny trondro mazava ho azy...Manatsara ny fomba fiompiana izahay ary ny fahasalaman'ny biby fiompy miaraka amin'ny fametrahana ny tambazotran'ireo mpanao vaksinim-biby.

LVRP : BVPI SE / HP dia manankina amin'ny APDRA tamin'ny septambra teo ny fanatanterahana ny asa fanamafisana ny fiompiana trondro an-tanimbary ao anatin'ny Kaomina 3 ao Vakinankaratra. Ho anao, inona ny lafy tsara'ny zotram-pihariana trondro an-tanimbary eto amin'ny faritra ivon-tany afovoany ?

E.D. Maro amin'ireo seha-pamokarana eto an'ivon-tany afovoany no manao ny fiompiana trondro an-tanimbary. Betsaka ny fangataham-panohanana avy any amin'ny mpamokatra momba izany ka tokony hamaly izay hetaheta izay izahay. Ny tena mahalana anay rahateo dia kely dia kely ny masonkarenan'ny famokarana ity sakafo ity. Tena hena misy proteina faran'izay mora vokarina indrindra izy.

Raha oharina amin'ireo biby sasany misy vola, ny trondro avy amin'ny fiompiana an-tanimbary no tena hohanin'ireo mpamokatra azy ka mandray anjara goavana eo amin'ny fanjaran-tsakafon'ny fianakaviana any ambanivohitra ny trondro. Ankoatra izay, tsara izy satria tsy manimba ny tontolo iainana ny fiompiana azy an-tanimbary izay mipaka mivantana amin'ny voly sy ny fahalonahan'ny tanimbary avy nisy trondro. Mazava fa ny fiompiana trondro an-tanimbary dia fahaizana mitrandraka ny tany noho izy ahafahana mahazo vokatra maro karazana eo amin'ny sombin-tany iray. Ho an'Antsirabe manokana, ny fitrandrahana ny tany tery dia fanapahan-kevitra tsara raisina.

Nanapa-kevitra izahay ny hiara-hiasa amin'ny APDRA satria hiaraha-mahalala ny fahaiza-manoany amin'io sehatra io. Ary ny tena mahafinaritra dia ny fomba fiasany manome vahana tanteraka ny fampandraisana anjaran'ireo tantsaha mpamokatra, na eo amin'ny lafin'ny tantsaha mpahazo tombotsoa izany na tantsaha mpampiofana. Ny tombony faharoan'ny APDRA dia ny fiasa miainga amin'ny zotram-pihariana, mahasahana ny famokarana zana-trondro ka hatramin'ny famarotana ny trondro lehibe fihinana. Tsy mijanona amin'ny famahana ny olana ara-teknika izy. Teny am-piandohana dia efa niara-nanaiky tamin'ny APDRA fa voizina miaraka amin'ireo mpisehatra hafa miaraka amin'ny BVPI ny asa atao. Nanaja izany ny APDRA ary azo raisina ho ohatra ny zava-misy ao Inanantonana izay misy ny tanety sy ny tanimbary ifarimbonan'ny mpisehatra rehetra ny fananganana paikady fanjariana misy ny fambolena-kazo sy ny fiompiana trondro.

E.D. Le projet BVPI SE/HP est un projet de développement agricole dont la finalité est l'amélioration des revenus des agriculteurs tout en préservant les ressources naturelles.

Il s'appuie sur les concepts du développement durable en renforçant toutes les composantes de l'agriculture : les productions animales et végétales, l'accès aux intrants, accès aux financements, la sécurisation foncière, la commercialisation, l'amélioration des aménagements hydro agricoles. Nos actions se situent au niveau individuel, c'est-à-dire auprès des exploitations agricoles, ou bien au niveau collectif, c'est-à-dire auprès des organisations paysannes.

L'autre composante connexe est la préservation de l'environnement avec la mise en œuvre de pratiques agro écologiques et diverses méthodes de préservations des espaces fragiles comme la reforestation et la lutte contre l'érosion. Quatre régions dont le Vakinankaratra sont concernées par ce projet dont la spécificité provient de la volonté de valoriser les potentialités et les synergies qui peuvent exister au sein d'un espace bien délimité que sont le bassin versant et le périmètre irrigué.

LVRP : L'agriculture et l'élevage sont indissociables sur les Hauts Plateaux malgaches. Comment votre projet prend-il en compte cette interaction ?

E.D. Lorsqu'on se promène sur les Hauts Plateaux, le premier constat que l'on peut faire est que l'élevage est omniprésent dans le paysage. Il concerne en effet la majorité des exploitations agricoles. Il nous paraissait donc naturel d'intégrer les problématiques de l'élevage dans un projet comme le notre, d'autant plus que l'élevage représente souvent un revenu monétaire, contrairement aux productions végétales qui sont souvent autoconsommées.

Si on parle souvent à juste titre de synergie entre agriculture et élevage sur le plan de la fertilité et de la complémentarité économique, on peut également parler de compétition pour la production de biomasse végétale. La pression foncière est très forte dans une région comme le Vakinankaratra et la production de fourrage se heurte inévitablement à la nécessité de produire du riz. Nous avons une obligation de prendre en compte cet aspect sans jamais les opposer. Face à ce constat, BVPI SE/HP intervient sur tout type d'élevage, de l'abeille au zébu, en passant bien sûr par la pisciculture... Nous travaillons principalement sur l'amélioration des conditions d'élevage et de la santé animale avec la mise en place de réseaux d'agents vaccinateurs.

LVRP : BVPI SE / HP a confié à l'APDRA en septembre dernier la mise en œuvre d'actions de renforcement de la rizipisciculture dans 3 communes du Vakinankaratra. Quels sont pour vous les atouts de la filière rizipiscicole sur les Hauts Plateaux ?

E.D. Beaucoup d'exploitations agricoles des Hauts Plateaux pratiquent la rizipisciculture. La demande d'appui exprimée par les producteurs est forte dans ce domaine et nous devons y répondre. Ce qui nous paraît intéressant, c'est que le coût de production de cette ressource alimentaire est très faible, c'est probablement la protéine animale la moins chère à produire.

À la différence des autres élevages qui sont souvent monétarisés, le poisson issu de la rizipisciculture est fortement autoconsommé et joue un rôle important dans la sécurité alimentaire des familles rurales. Autre élément favorable : la rizipisciculture est une véritable pratique agro écologique avec un impact extrêmement intéressant sur les productions végétales et la fertilité des rizières. Enfin, la rizipisciculture est un moyen d'intensification du facteur foncier puisqu'il permet de mener plusieurs productions sur une même parcelle. Dans une région comme celle d'Antsirabe, la valorisation des espaces réduits est un atout décisif.

Nous avons décidé de travailler avec l'APDRA car ses compétences dans ce domaine sont reconnues. Ce qui nous a surtout plu, c'est son approche reposant sur une participation forte des producteurs, aussi bien en tant que bénéficiaires qu'en tant que paysans formateurs. Le second atout de l'APDRA, c'est son approche filière, de la production d'alevins à la commercialisation de poissons grossis. Son intervention ne se cantonne pas à la problématique technique. Dès le début de nos discussions avec l'APDRA, nous avons proposé d'insérer cette intervention dans une approche globale auxquelles tous les opérateurs de BVPI participent. L'APDRA a parfaitement joué le jeu, l'exemple type étant le sous bassin versant d'Inanantonana où tous les acteurs participent à la mise en place d'un schéma d'aménagement incluant la reforestation et la pisciculture.

FAMOKARANA VOTRY


RAHERINIAINA François de Paul - Kaoperativa FFTM -
CR Ambondrona - Fianarantsoa

Mila sakafo be proteina ny trondro, nanamafy izany ny fiofanana fanatavizana natao tao amin'ny Faritra Matsiatra ambony niarahana tamin'ny APDRA Madagascar. Tao ny fifanakalozana amin'ny famokarana kankana, ny famokarana olitra. Toro-hevitra entin'i Andriamatoa RAHERINIAINA François de Paul amintsika eto ny famokarana votry.

Mpiompy trondro vao misandratra ao Mihandriatsara Ambalafila ao amin'ny Kaomina ambanivohitra Ambondrona i De Paul. Liana tokoa izy ary tia karokaroka. Sarotra mantsy ny fahitana ny sakafo ho an'ny trondro ka nanandrana fambolena votry.

« Tsotra ary azo atao tsara ny fambolena votry any amin'ny toerana misy ahy. Manomboka amin'ny 10 ora ka hatramin'ny 12 ora eo ho eo no fakana ny tranom-botry izay hita lavidavitra ny tanana. Rehefa nandinika ny fihetsik'ireo biby ireo aho dia fantatro fa amin'ireo ora ireo no miakatra manovona ny tranony izy. Hita amin'izay fa mandomando ara-boajanahary ny fanambonin'ny tranom-botry noho izy ireo manisy ny fotaka tsikelikely.

Ny tranom-botry manana haavo 15 sm eo ho eo no fidiako hakana ny votry satria efa matoy loatra ny 50 sm any ho any, efa mihoatra ny telo taona ary mbola vitsy ny votry raha latsak'io ny refiny.



Hadiako lalindalina kokoa ny manodidina ny tranom-botry, somary halatsako kely 5 sm. Entiko malakilaky ny tranom-botry ka tsy ovaiko amin'ny endrika nipetrahan'ny tamin'ny tany. Tandremana tsy hihetsika mafy mba tsy hanaitra ny kolanan'ny votry na ny mpanjakany.

Rehefa hamboly azy aho dia hataoko toa ny fipetrany tany amin'ny toerana nakako azy ny fipetrany eo amoron-tambiny na tehezana-tanety. Mitovitovy ny haben'ny faritra handetehako azy (ilay 5 sm milentika) ary hevoiko kely ny refin'ny manodidina azy.

Telo andro aorian'ny fambolena dia efa misy kibotry mitsiry maromaro. Manomboka mioty aho rehefa afaka roa volana. Tsara raha ny ilan'ny tranom-botry no hakana satria mihafeno indray izy rehefa feno iray volana aty aoriana.

Fomba hafa azo atao koa ny mame-traka talatalana eo amin'ny fanambonin'ny dobo fiompiana. Mihintsana ho azy ho sakafon'ny trondro ny votry rehefa mihamaloka ny andro.

Mirary antsika mpiompy hanandrana sy hanao karoka ary hifampizara ny tenako !"




Elevez des termites pour alimenter vos poissons !!

RAHERINIAINA François De Paul - Coopérative FFTM -

CR Ambondrona-Fianarantsoa

Les poissons ont besoin de protéines dans leur alimentation. Inutile de se procurer des provendes coûteuses, ces protéines sont disponibles à proximité des rizières. Durant les sessions de formation sur le grossissement des carpes dispensées dans la Région Haute Matsiatra, les participants ont échangé leurs techniques pour produire des vers de terre et différentes larves d'insectes.

Monsieur François De Paul, pisciculteur de la Commune d'Ambondrona, partage dans cet article la méthode qu'il utilise pour produire des termites.



« Je cherchais à augmenter ma production de poissons sans pour autant acheter des aliments artificiels. Autour de mon village, il y a beaucoup de termitières. J'ai donc commencé par en prélever quelques morceaux et à distribuer les termites aux poissons. Entre 10h et 12h, ces insectes remontent en surface de leur édifice pour le rehausser. Vous pouvez le constater : la partie haute de la termitière est alors humidifiée par leurs déjections. Il est alors facile d'en prélever de grandes quantités.

A présent, ma technique consiste à prélever des termitières et à réaliser des greffes à proximité des rizières.

Choix de la termitière

Il faut choisir de préférence les termitières d'une hauteur d'environ 15 cm, car les termites qui y sont installés sont encore jeunes. Celles qui sont hautes de 50 cm ont au moins 3 ans d'existence et les insectes y sont trop grands. Les plus petites termitières (d'une hauteur inférieure à 15 cm) ne contiennent pas beaucoup de termites.

Préparation du lieu de greffe de la termitière

Avant le prélèvement, je bine la surface où je souhaite déposer la termitière.

Prélèvement et greffe de la termitière

A l'aide d'une bêche, je creuse autour de la base de l'édifice à une profondeur de 5 cm : cela facilite son enlèvement et permet de conserver, à la base, un sol de même nature. Je transporte rapidement le monticule mais avec prudence pour ne pas stresser les termites.

Je place ensuite la termitière à l'endroit préparé.

Récolte des termites

D'autres termitières commencent à pousser trois jours après la greffe. Durant le premier mois, les insectes vont s'y développer. La récolte des termites pourra commencer après 2 mois.

Élever des termites à proximité de son site d'élevage ne demande pas beaucoup de travail et permet d'apporter une alimentation riche aux poissons. Les termitières peuvent également contenir des larves de fourmis, pouvant être distribuées aux poissons.

Je vous encourage à essayer cette technique ! »

Fikarohana voly avotra : tsy mandaitra loatra amin'ny fitombon'ny trondro ny fanamasahana mandritra ny ririnina

APDRA

Nisy fikarohana natomboka ny faran'ny volana jiona lasa teo mi-kasika ny vokatry ny fanaterana fanamasahana mandritra ny riri-nina eo amin'ny fitombon'ny trondro (jereo ny gazety laharana 13). Ny faran'ny volana aogositra teo, 3 tamin'ireo mpandray anjara amin'ny fikarohana no namaky ny tanimbary mba hafahany mikarakara azy amin'ny taom-pamokarana vary miditra io. Efa azo omena antsika sahadry izao ny vokatry vonjimaika azo satria mbola hitohy hatramin'ny faran'ny volana febroary ity fikarohana ity.

Ny tanjon'ny fikarohana

Fampitahana ny fitombon'ny karpa an-tanimbary na tsy misy fanamasahana mandritra ny vanin'andro ririnina.

Ny zotran'asa

Ho an'ny mpandray anjara 3 ; zaraina roa mitovy ny tanimbary ka ny iray anaterana zezika iray sobika isaky ny ara isaky ny herinandro mandritra ny volana jolay sy aogositra, ny iray kosa avela amin'izao. Ampidirana trondro mitovy isa (na hakitroka) ny tanimbary mitovy habe.


Ny vokatry

→ Mitovy fitombo ireo trondro tamin'ireo tanimbary roa tonta. Tsy ilaina izany ny fanaterana zezika an-tanimbary amin'ny ririnina raha te hahazo trondro lehibe kokoa amin'ny volana septambra.
→ Tsy nahitana taha-pahafatesana ambony ny trondro ao anaty tanimbary nahazo zezika.

Expérimentations de contre saison : une fertilisation peu efficace sur la croissance des poissons pendant la saison froide

Une étude concernant l'effet de l'apport de fertilisants lors de la période froide sur la croissance des poissons avait été lancée à la fin du mois de juin dernier (Voir Journal N°13). A la fin du mois d'août, les 3 participants ont vidangé les rizières afin de préparer la campagne rizicole. Voici les premiers résultats de cette expérimentation qui se poursuivra jusqu'au mois de février.

NY VOLANA JOLAY SY AOGOSITRA : MANISY FANAMASAHANA NY AO AMIN'NY TANY IRAY.
En juillet et août : apport régulier de fumier dans l'une des parcelles



L'objectif de l'expérimentation :

Comparer la croissance des carpes en rizières avec ou sans l'apport de fertilisants durant la saison froide.

Le protocole :

Pour chacun des 3 participants, une rizière a été séparée en deux parties : l'une ne recevant pas de fumier et l'autre recevant une sobika de fumier par are et par semaine, durant les mois de juillet et août. Le même nombre de poissons pour une certaine surface (ou même « densité ») a été introduit dans toutes les parcelles.

Les résultats :

→ Les poissons des deux parcelles ont eu la même croissance. L'apport de fumier n'a pas eu d'effets sur la croissance des poissons pendant cette période.
→ Il n'y a pas eu une mortalité plus importante des poissons dans les parcelles recevant du fumier.


TANIMBARY Rizières		
SALAN-DANJA VOALOHANY Poids moyen initial (29 juin)	 25 g	 25 g
SALAN-DANJA FARANY Poids moyen final (31 août)	 58 g	 57 g

Maninona moa no tsy mandaitra ny fanamasahana amin'ny ririnina ?

Asiana fanamasahana ny dobo mba ahafahana mampitombo ny sakafo voajanahary. Miha-lo tsikelikely ny akora mamorona ny zezika noho ny asan'ny bakteria. Raha injay levona ireo dia mora ho an'ny lomotrakely (phytoplankton), izay fototry ny fitomboan'ny sakafo voajanahary, ny mampiasa azy.

Nandritra ny volana jolay sy aogositra dia ambany dia ambany ny hafanana. Teo amin'ny 15°C teo izy tao an-tanimbary.

Tsy dia miasa tsara ireo bakteria, tompon'andraikitra amin'ny fandevonana ireo akora mamorona ny zezika amin'io hafanana io.



Pourquoi la fertilisation est-elle moins efficace en hiver ?

On fertilise les étangs avec du fumier pour augmenter la production de nourriture naturelle. Les matériaux qui composent le fumier se dégradent sous l'action de bactéries. Une fois dégradé, ces matériaux sont plus facilement utilisables pour les petites algues (phytoplankton), à la base du développement de la nourriture naturelle.

Durant les mois de juillet et août, la température de l'eau baisse. Elle est en moyenne de 15°C dans les rizières. Les bactéries, responsables de la dégradation du fumier en petits éléments, sont moins efficaces à cette température.

Ny tohin'ny fikarohana

Mandra-piditry ny trondro an-tanimbary indray, rehefa avo ny vary, dia atokana anaty dobo aloha ireo trondro atao fikarohana. Amin'ity volana desambra ity no hampidirana indray ireo "trondro avotra" ireo amin'ny tanimbary nanaovana fikarohana amin'ny ririnina ihany; mba hahafahana mamantatra rha tsara ny vokatry ny fanamasahana natao ny volana jolay sy aogositra:

- Amin'ny tanimbary
- Amin'ny fitombon'ny trondro ao anaty vary

La suite des expérimentations

Actuellement, les poissons des expérimentations sont stockés en étangs, en attendant que la croissance du riz permette de les introduire en rizière.

En décembre, ces poissons seront réintroduits dans les mêmes parcelles que celles utilisées en contre saison, afin de déterminer si la fertilisation apportée au cours des mois de juillet et août est bénéfique :

- pour le riz
- pour la croissance des poissons dans le riz

NY TRONDRO : SADY SAKAFO NO VOLA

RAZAFIMAHATRATRA François Xavier.
Filohan'ny MVPT Matsiatra Ambony

Tafiditra ao anatin'ny vovonam-pikambanana lehibe 11 ato amin'ny Faritra ny Union koperativa MVPT Mahavanona, vovonana manana ny ho aviny amin'ny zotra-pihariana trondro. Mandray anjara amin'ny fanjarian-tsakafo àry ny Union MVPT amin'ny alalan'ny fanomezana tolotr'asa ny mpikambana ao aminy.

Anisan'ny tena mavitrika eo amin'ny fanitarana ny fiompiana trondro an-tanimbary ny Union koperativa Mahavanona. Nataony ho vaindohan-draharaha ka ho asa mahavelona ny famokarana trondro ho sakafo'ny mpianakavy sy hitombo ampananana ho vola ny fanitarana ny toeram-pamokarana na an-tanimbary na an-dobo.

Maro mantsy ny tantsaha no manana rano azo fehezina eo amin'ny tanimbary. Anisan'izany ny mpisehatra fototra 65 vondrom-pikambanana ao amin'ny MVPT Matsiatra Ambony sy ny hafa mbola mikasa hiditra. Araka io hetahetan'ny mpisehatra ao amin'ny MVPT io dia nisy ny fangataham-piaraha-miasa tamin'ny FRDA izay mpamatsy vola eto amin'ny Faritra Matsiatra Ambony, miara-misalahy aminy amin'ny famaliana ny filàna eny ambanivohitra.

Voahofana mivantana sy ankolaka ny tantsaha mpikambana 32 mpampiteraka trondro ho an'ny fikambanana izay efa mampanatody amin'izao fotoana izao. Mora atao ny fiompiana an-tanimbary satria noezahin'ny APDRA, tamin'ny alalan'ny fanohanana ara-bolan'ny "Fondation Air Liquide", ho azon'ny tantsaha atao ny fampiasana ny zava-misy eo antoerana toy ny anjavidy vavy hita eny rehetra eny, tsy ialam-bola kanefa tena manala olana. Zana-trondro 3 000 isa farafahakeliny no andrasana amin'ny mpampiteraka iray. Misy ezaka àry atao'ny mpisehatra ka olona miisa 600 no tanjona hamokatra trondro amin'izao dingana voalohany izao eto amin'ny Faritra Matsiatra ambony iadidian'ny MVPT sy ny APDRA/ Air liquide. Hitohy ny ezaka fa kendrena hamokatra trondro daholo ny manan-drano rehetra mba hanatsarana ny fari-piainana.

Ny fanatsarana ny sakafo ao an-tokatrano no tanjona voalohany àry. Tena ilaina koa ny tsena mba hampivadika ho vola ny trondro vokarina any ifotony. Araka ny drafitr'ny sampan-draharahan'ny fiompiana anaty rano, milaza fa iray amin'ireo seha-pihariana mampidi-bola ho an'ny tokatrano ny fiompiana trondro. Efa natomboka ny fanadihadiana mikasika ny tsena, miditra tsikelikely indray ao anatin'ny fanaovana kaotim-pitantanana ny mpamokatra mba ahafahana mamaritra ny vidy hivarotana ny trondro matavy. Ny tanjona dia ny hialana amin'ny varotra tsy misy kajy ka mifaly fotsiny amin'ny vola raisina eo am-pamarotana. Koa isaorana ny sampan-draharahan'ny jono sy ny fiompiana anaty rano ato anatin'ny Faritra izay nanome alalana ny mpikambana ao amin'ny MVPT amin'ny fampiterahana.

Ezaka amin'ny firaisan-kina ny fampiterahana

amin'ny dobo iombonana

Fikambanana FANANTENANA II- Tanànan'I Mahazina - Fokontany Vakinifasina- Kaomina Betafo

Ho tohin'ny ezaka efa natao dia miroso amin'ny fampiasana ny dobo iombonana ny Fanantenana II. Dingana maro no efa nandalovan'ny fikambanana amin'ny ezaka fananganana kaoperativa. Efa nisy ny fivoriana niarahana tamin'ny APDRA sy ny solotenam-paritry ny sampan-draharahan'ny jono ao Betafo ny volana jiona sy ny fananganana ny dobo iombonana izay vita ny jolay teo.

Ankehitriny efa tonga amin'ny fampiasana ireo dobo iombonana ireo ny fikambanana amin'ny alalan'ny fampiterahana. Renintronro efatra sy lahitronron'ny Fanantenana II ihany no nampanatodizana. Ny volan'ny fikambanana no nividianana lahitronro sy renintronro ka 100.000 (iray hetsy) no isan'ny zana-trondro azo tamin'izany. Samy mazoto tsara ny mpikambana amin'ny fikarakarana ny trondro. Marihana fa mifandimby amin'ny fikarakarana ny mpikambana mandritra izany fampiterahana sy fitaizana zana-trondro izany.

« Amin'izao fotoana izao dia efa mivarotra zana-trondro izahay, izay azo alaina ety an-toerana. Manomboka amin'ny desambra izahay vao mivarotra eny amin'ny tsenan'ny zana-trondro eny Betafo. Zana-trondro tsara sady matanjaka no fantenina ho antsika mpividy.

Marihanay etoana fa afaka manaitra ny zana-trondro any amin'ny toerana izay misy anao izahay raha toa ka ilaina. Raha mila fanazavana fanampiny na hanao "commande" ianao dia afaka miantso ny laharana 033 09 251 06.

Manentana antsika rehetra mpiompy trondro mba samy ho tonga hividy fa ny vary anie ho vokatra ny trondro koa hatavy e!!

LE POISSON, ALIMENTATION FAMILIALE ET SOURCE DE REVENU

RAZAFIMAHATRATRA François Xavier.
Le Président de l'Union MVPT Matsiatra Ambony

L'Union de Coopératives MVPT Mahavanona est l'une des 11 organisations paysannes régionales de la Haute Matsiatra. Priorisant le développement de la filière piscicole, la coopérative offre à ses membres des services dans ce domaine.

Par son nom, MVPT « Mamboly Vary sy Mpiompy Trondro », Producteurs de Riz et Eleveurs de Poissons, l'Union des Coopératives indique ses priorités : augmenter la production de poissons en rizière ou en étang. En effet, pour la coopérative, la pisciculture est une activité intéressante, assurant à la fois une alimentation de qualité et des revenus supplémentaires à ses membres.

Répartis dans 65 groupements de base, les paysans membres disposent pour la plupart de sites adéquats à la pratique de la pisciculture. Appuyés financièrement par le projet FRDA, MVPT propose différents services à ses membres.

Ainsi, cette année, 32 membres ont été formés aux techniques de production d'alevins de carpe commune, aussi bien en rizière qu'en étang. La formation dispensée par l'APDRA, grâce à son partenaire financier la Fondation Air Liquide, est simple à mettre en œuvre : il suffit d'utiliser ce dont le pisciculteur dispose sur son exploitation. « Nous travaillons par ailleurs avec le SRPRH de la Région Haute Matsiatra, qui accrédite notre production d'alevins » selon le président de MVPT. Les nouveaux producteurs assurent l'approvisionnement en alevins pour les pisciculteurs de la coopérative. L'objectif est que chacun d'entre eux puisse produire 3000 alevins, et ainsi permettre à 600 grossisseurs de pratiquer la (rizi)pisciculture. L'Union MVPT encourage tous les rizipisciculteurs à se lancer dans la rizipisciculture.

« Améliorer la qualité de l'alimentation de nos membres est notre premier objectif, mais la vente des poissons peut devenir une source de revenus supplémentaires », réitère la Coopérative MVPT. Selon le Responsable du SRPRH, « la filière poisson est une filière porteuse pour le foyer ». Chaque producteur a récemment reçu une formation concernant la tenue du compte d'exploitation familiale. La tenue d'un compte d'exploitation permettra aux pisciculteurs de définir un prix de vente correcte de sa production.

La production commune d'alevins : un pas vers la structuration de l'association

Association FANANTENANA II - Village Mahazina - Fkt Vakinifasina - CR Betafo

Depuis le début de l'année 2009, l'association réalise différentes démarches pour sa transformation en coopérative. Après plusieurs réunions avec l'APDRA et le représentant du Service des Pêches de Betafo, l'aménagement des parcelles communes de production s'est achevé en juillet.

Quatre pontes y ont déjà été réalisées au cours du mois d'octobre. L'argent de l'association a permis l'achat des géniteurs. A présent, Fanantenana II dispose d'environ 100 000 alevins prêts à la vente. Ces alevins sont vigoureux, chacun des membres participe à leur entretien.

Nous sommes donc actuellement en mesure de satisfaire la demande de notre clientèle, mais nous attendons le mois de décembre pour débiter la vente au marché de Betafo.

Pour les clients éloignés de Betafo, Fanantenana II peut réaliser des livraisons. Pour tout renseignement ou commande d'alevins, n'hésitez pas à nous contacter à ce numéro 033 09 251 06.

Empoisonnez vos rizières ! Avec la rizipisciculture, votre production de riz sera augmentée et vous obtiendrez de gros poissons !

MISOKATRA NY BIRAO APDRA AO FIANARANTSOA SY TOAMASINA

RATIA RIVELO Vola - Teknisiana Mpanentana/Mpiandraikitra ny birao APDRA ao Fianarantsoa



BIRAON'Y APDRA FIANARANTSOA

Nanomboka ny taona 2007 no nanohana ny mpiompy trondron'i Faritra Matsiatra Ambony ny APDRA. Tamin'ny alalan'ny tetikasa PSA Tafita sy ny Vovonan'ny tantsaha VFTM sy FKH Manantenasoana no nanatanterahana izany. Raha fitsidian'ireo teknisiana matetika no afaka natao tamin'izany dia ankehitriny kosa manana birao maharitra misy teknisiana afaka manatanteraka tsara ny asa. Izany dia noho ny

fanohanana ny Fondation Air Liquide.

Ao Talamaty, vao miditra an'i Fianarantsoa no misy ny biraon'i APDRA, iny amin'ny sampanan'Antsorokavo, ampitan'ny fanaovan-kazon'ny katolika.

Efa nanomboka ny volana septambra ny asa niarahana tamin'ny Vondrona kaoperativa MVPT tamin'ny fampiofanana eo amin'ny famokarana zana-trondro karpa an-tanimbary. Ho tohizana koa izany miaraka amin'ireo fiofanana amin'ny fanatavizana karpa an-tanimbary ho an'ireo vondrona tantsaha hafa (MVPT, VFTM, CRAM, FKH Manantenasoana).

Misokatra ho an'ireo olona rehetra liana amin'ny fiompiana trondro ny biraon'ny APDRA.


L'OUVERTURE DES BUREAUX APDRA A FIANARANTSOA ET À TOAMASINA

Depuis 2007, par l'intermédiaire du projet PSA Tafita et des Organisations Paysannes VFTM et FKH Manantenasoana, l'APDRA appuie les pisciculteurs de la Région Haute Matsiatra. Intervenant auparavant sous formes de missions ponctuelles réalisées par les techniciens d'Antsirabe, l'APDRA dispose à présent d'une technicienne permanente et d'un bureau à Fianarantsoa grâce à l'appui de la Fondation Air Liquide.

Le nouveau bureau de l'APDRA se trouve au Nord de Fianarantsoa, dans le quartier de Talatamaty, au niveau de la bifurcation d'Antsorokavo, face à la menuiserie catholique.

Dès le mois de septembre, les activités de l'APDRA ont débuté en collaboration avec l'Union Coopérative MVPT, par la réalisation de formations à la production d'alevins de carpe. Elles se sont poursuivies par des formations sur les techniques de grossissement de la carpe en rizière pour différentes Organisations Paysannes (MVPT, VFTM, CRAM, FKH Manantenasoana).

Le bureau de l'APDRA est ouvert à toutes les personnes intéressées par la pisciculture.



Razafindralambo Angelo - Teknisiana Mpanentana/Mpiandraikitra ny birao APDRA ao Toamasina



FANJONOANA RENINTRONDRO

PÊCHE DE GENITEURS

Efa natsidika teto amin'ny Gazety "Ny Feon'ny Mpiompy Trondro" tamin'ny laharana teo aloha ny anton'ny hisian'ny birao APDRA ao Toamasina. Izany dia mba hahafaha-manatanteraka sy manara-maso akaiky ireo asa atao ao amin'ny Faritra Atsinanana. Noho ny fanohanana'l Faritra Basse Normandie

dia tanteraka izany ny volana septambra 2009 lasa teo.

Mora hita ity birao vaovao ity satria vao miditra an'i Toamasina no misy azy. Ao amin'ny birao misy ny FOFIFA ao Mangarano eo am-pitan'ny Société SOMALAVAL Barikadimy mivoaka any amin'ny Sekoly Adventiste.

Mizara roa ny asan'ny APDRA ao Atsinanana dia ny fiompiana trondro sy ny fitehirizana ny trondro zana-tany amin'ny fanamaroana isa azy.

Asa goavana roa no atao ho an'ny sampana "fiompiana trondro" dia ny tan-tsoroka eo amin'ny famokarana zana-trondro karpa kaomina ary ny fanaparahana ny fiompiana trondro amin'ny fomba fiompiana an-dobo na honahona fehezina ho dobo.

Ho an'ny sampana « Fitehirizana sy fanamaroana isa ny trondro zana-tany » kosa dia ny fitantanana maharitra ireo tahiry anaty rano ao amin'ny ela-dranon'i Pangalana.

Misokatra ho an'ireo mpiompy trondro rehetra ny biraon'i APDRA ao Toamasina na vao manomboka izy na efa matihanina.

Mitohy ny taona 2010 ny fiaraha-miombon'antoky ny APDRA sy ny sampan-draharaham-paritry ny jono ao an-toerana. Hanome tan-tsoroka eo amin'ny toro-hevitra teknika ho an'ireo mpiompy trondron'ny Faritra izany fiaraha-miasa izany. Iaraha-misalahy amin'ny ONG Fauna Group ny lafiny Fitehirizana sy fanamaroana isa ny trondro zana-tany. Omen'ny gazety manaraka ny antsipiriany.

Dans le dernier numéro de «La Voix des Rizipisciculteurs», nous évoquons l'ouverture d'un bureau de l'APDRA à Toamasina afin d'assurer un suivi plus rapproché des activités dans la région Atsinanana. Depuis septembre 2009, grâce à l'appui de la Région Basse Normandie, ce bureau est ouvert. Il se situe dans l'enceinte du bâtiment FOFIFA dans le quartier de Mangarano, dans l'allée située face à la Société SOMALAVAL Barikadimy, vers l'Ecole Adventiste.

Les activités de l'APDRA sur la Région concerneront à la fois le domaine de la pisciculture et celui de la biodiversité.


Le volet « Pisciculture » concerne l'appui à la production d'alevins de carpe commune et la vulgarisation de la pisciculture dans des aménagements de type étangs ou étangs-barrages.

Pour le volet « Biodiversité » : Conservation et valorisation des espèces endémiques du canal de Pangalanes.

Le bureau de l'APDRA à Toamasina est ouvert à tous les pisciculteurs, qu'ils soient débutants ou professionnels.

Le partenariat entre l'APDRA et le Service Régional des Ressources Halieutiques est reconduit pour l'année 2010. Il permettra de proposer un

appui conseil efficace aux pisciculteurs de la Région. Les activités « Biodiversité » seront menées en collaboration avec l'ONG Madagascar Fauna Group. Toutes les précisions dans le prochain numéro.



VAOVAON-TSELATRA ...

- Nikarakara ny « Université d'été » ny APDRA ny 20 ka hatramin'ny 23 aogositra 2009 tany Frantsa. Mampiray isa-taona ny mpikambana ity hetsika ity ka anisan'ny maro an'isa tamin'izany ireo mpiompy trondro matihanina.
- Efa miasa ny tranokala vaovao ny APDRA (www.apdra.org). Afaka izahana ny vaovao momba ny fikambanana sy ny tetikasa ary ny zava-misy momba ny foibe sy ny any amin'ireo toerana iasan'ny APDRA ny ao anatiny. Atolotra ao rahateo ny tatitry ny asa sy ny karazan-gazety mpiseho volavolain'ny APDRA.
- Fantatra izao fa misy indray ny fiofanana karakarain'ny APDRA momba ny « Fisafidianana, fitondrana ary fanombanana tetikasa fampandrosoana » mitodika amin'ireo tompon'andraikitra ambony misahana ny fanaraha-maso sy fanombanana ny tetikasa fampandrosoana ny fiompiana trondro atsy Afrika sy eto Madagasikara. Maharitra roa volana ny fiofanana ka mizotra any Frantsa sy Kamerona. Hahafahan'ny mpi-sehatra (servisy teknika, ONG, sampan-draharaha vahiny...) manamafy ny efa azony eo amin'ny lafin'ny fisafidianana sy fampandehanana ny tetikasa fampandrosoana ny fiompiana trondro ny fandraisana anjara amin'ny fiofanana. Amin'io taona 2010 mitsidika io ny fiofanana manaraka. Raha mahaliana anao izany dia manatona ny biraon'ny APDRA ao Antsirabe.
- Noho ny fitsingerenan'ny faha- 75 taonan'ny « Résidence sociale d'Antsirabe » ny 26 septambra 2009 teo dia henin-kaja ny APDRA nandray an'Andriamatoa Jean-Marc Châtaignier, Ambasadoran'i Frantsa eto Madagasikara.
- Ny faha- 7 desambra 2009 Caroline Piquet, misahana ny iraka fampandrosoana ny eny ambanivohitra ao amin'ny AFD eto Madagasikara, dia tonga nitsidika ny asa'ny APDRA ao Inanantonana, ao anatin'ny fiaraha-miasa amin'ny tetikasa BVPI SE/HP.

LES BRÈVES DE L'APDRA...

- L'APDRA a organisé ses Université d'été du 20 au 23 août 2009 en France. Ce rassemblement annuel regroupe les membres de l'association, parmi lesquels de nombreux pisciculteurs professionnels.
- Le nouveau site Internet de l'APDRA est en ligne (www.apdra.org), vous pouvez consulter les informations concernant l'association, les projets, l'actualité du siège et du terrain et accéder aux rapports d'activité et aux publications.
- L'APDRA met en place une formation « Identification, pilotage et évaluation d'un projet de développement » à destination de cadres chargés de la mise en œuvre ou du suivi-évaluation du développement de la pisciculture en Afrique et à Madagascar. Cette formation, d'une durée de deux mois, aura lieu en France et au Cameroun. Elle permet à des acteurs du développement (Services étatiques, ONG, organismes internationaux...) de consolider leurs acquis pour identifier et mettre en œuvre des programmes de développement piscicole. La prochaine formation aura lieu en 2010. Renseignez-vous auprès du bureau de l'APDRA à Antsirabe.
- A l'occasion du 75 ème anniversaire de la Résidence sociale d'Antsirabe qui s'est tenu le 26 septembre 2009, l'APDRA a eu l'honneur de recevoir la visite de M. Jean-Marc Châtaignier, Ambassadeur de France à Madagascar.
- Le 7 décembre 2009 Caroline Piquet, la chargée de mission développement rural de l'AFD à Madagascar est venue superviser les activités de l'APDRA à Inanantonana, dans le cadre du projet BVPI SE/HP.

Mpianatra asa vaovao ato amin'ny APDRA

Ny anarako dia RAKOTOMANDIMBY Fenoharifanja Lucie Clara, tovovavy 24taona, mipetraka any Ankazomiriotra fa mandrato fianarana any Mahajanga. Kilasy fahatelo ao amin'ny « Unité de Formation Professionnalisante (UFP) » Oniversiten'i Mahajanga, izany hoe an-dalam-pamaranana ny fianarana aho satria telo taona ihany ny fianarana ao amin'io UFP io. Mikasika ny fiompiana anaty rano no ianarako ao.



Amin'izao fotoana izao aho dia manao « stage » telo volana ato amin'ny APDRA Antsirab. Mandalina manokana ny fomba famokarana zana-trondro antanim-bary aty amin'ny tantsaha sy mijery akaiky ny fomba fivarotana ny zana-trondro eny amin'ny tsenan'ny zana-trondro ao Betafo. Nosafidiako manokana ny APDRA mba anaovako «stage» noho izy mifototra tanteraka amin'ny asa fikarohana eo amin'ny resaka famokarana zana-trondro sy fanatavizana karpa sady mampivelatra ihany koa ny fiompiana trondro aty amin'ny faritra Vakinankaratra. Eto aho dia maneho fisaorana manokana ireo mpiara-miasa rehetra ato amin'ny APDRA fa indrindra ireo tompon'andraikitra voalohany izay nandray ahy hanao « stage » ato aminy. Misaotra betsaka dia mahereza daholo amin'ny asa.

Eto ihany koa aho dia mitodika manokana aminareo tantsaha mpamokatra trondro. Tohizo ny ezaka efa nataonareo fa vonona ny hanampy anareo ny APDRA. Mahereza daholo ry mpiompy trondro namana dia mirary krismasy sambatra sy taona vaovao feno fahombiazana sahadry ho antsika rehetra e!

Une nouvelle stagiaire à l'APDRA

Je m'appelle RAKOTOMANDIMBY Fenoharifanja Lucie Clara, j'ai 24ans, je suis originaire d'Ankazomiriotra mais je suis étudiante à l'Université de Mahajanga, en 3ème année de la spécialité « Aquaculture » de l'Unité de Formation Professionnalisante (UFP).

Je réalise actuellement, et pour une durée de 3 mois, mon stage de fin d'études à l'APDRA. Mon travail est d'assurer, en collaboration avec l'équipe, la mise en place et le suivi d'expérimentations sur l'alimentation des alevins. Par ailleurs, j'effectue des enquêtes sur le marché d'alevins de Betafo et réalise le suivi de l'organisation des producteurs d'alevins.

J'ai choisi l'APDRA pour réaliser ce stage car cette association travaille pour le développement de la pisciculture dans la région Vakinankaratra, et réalise dans ce cadre, des expérimentations en collaboration avec des pisciculteurs.

Je remercie sincèrement toute l'équipe de l'APDRA de m'avoir accueillie. J'incite également tous les pisciculteurs à poursuivre leurs efforts et à participer aux actions de l'APDRA.

Bon courage à tous les pisciculteurs. Je vous souhaite un Joyeux Noël et une Bonne Année !

NY FIOMPIANA TRONDRO ATY AMIN'NY FARITRA ATSIANANA

RAZANADRAKOTO Victor Fidèle
Agrônôma - Sekretera jeneraly Faritra Atsinanana

Ny fiompiana trondro

Ny trondro no anisan'ireo sakafo mitondra otrikaina mahavelona dia ny proteina avy amin'ny biby ka antoky ny fahavelomana. Noho izany, ny olona tsy afaka mihinana trondro dia misy fahabangana be eo amin'ny fahatombanana aratsakafo. Izany no mahatonga ny trondro ho isan'ireo harena be mpitrandraka na an-dranomasina na an-dranomamy. Izay no tokony ampitomboana ny vokatra trondro ary tetikady amin'izany fiompiana ny trondro fa tsy ampy ny mionina amin'ny vokatra voa-janahary fotsiny.

Maro ireo fikarohana vita :

- momba ny toerana fiompiana na an-dranomasina na an-dranomamy na anaty dobo na an-tanimbary na anaty tranony makarakara
- ny fitantanana ny fiompiana toy ny taha/ara na hakitroka sy ny fe-potoana iompiana,
- sy ireo karazan-trondro ompiana ka ny tena fantatry ny maro dia ny fiompiana karpa royal, tilapia , ny sahabakaka, ny amalona sns.
- Momba ireo sakafo fanome ny trondro toy ny ahi-maitso, ny provandy
- Ny famokarana zana-trondro , ny fampitomboana sy ny fanatsarana taranaka

Ny Faritra ATSIANANA

Marina fa misy ny jono an-dranomasina fa hatramin'izao dia tsy mahafeno ny filàna ireo ka tsy maintsy atao koa ny fampiroboroboana ny an-dranomamy amin'ny alalan'ny fiompiana. Tsy ambakan' ny Faritra hafa Atsinanana fa maro ireo toerana ahafahana manao izany araka izay tiana atao. Ao ireo dobo na lakan-drano voa-janahary azo iompiana amin'ny fomba fanao mahazatra na ampiasana fitaovana makarakara. Ao koa ireo dobo namboarina manokana, ao ireo tanimbary tsara toerana sy tsara rano . Efa misy mpandraharaha matihana manao asa fiompiana trondro mahavelona ary misy koa ny fotodrafitrasa ahafahana mampiofana ho mpandraharaha . Izany dia milaza fa asa azo trandrahana ato amin'ny Faritra ity lalam-piharina iray ity. Maro ireo liana fa ny fahaiza-manao sy enti-mihetsika no tsy ampy ka mijanona ho nofinofy ny tetikasa mba tiana atao. Koa ireto ny sampandraharaha azo atonina anovozan-kevitra sy fahalalana :

- Ny sampandraharahan-panjakana misahana ny jono
- Ny tetikasa APDRA, fiara-miasan'ny Faritra Atsinanana sy Région Basse Normandie
- Ireo sampan-draharaha momba ny famokarana eny ambanivolo rehetra toy ODDIT, CARE, CITE, SAF FJKM sns
- Famatsiam-bola madinika toy ny OTIV momba ny enti-manana ara-bola sy fitaovana.

Ny lalam-barotra dia mbola malalaka tsara, ny filàna eto antampontanànan'i Toamasina dia mbola misy azo hivalaparana tsara.

Dia mitaona antsika te-handraharaha amin'ny asa fiompiana trondro hirotsaka amin'io sehatra io , mbola misy toerana ao ary misy rahateo ny tombontsoa. Ndao ary hiompy trondro !

LA PISCICULTURE DANS LA RÉGION ATSIANANA

RAZANADRAKOTO Victor Fidèle
Ingénieur Agronome et Secrétaire Général Région Atsinanana

Elevage de poisson

Le poisson est une source importante de protéines, élément essentiel de l'alimentation humaine. Les poissons de consommation proviennent en majorité de l'exploitation des ressources naturelles marines et d'eau douce, mais seule la pisciculture permet d'augmenter la production de poissons.

Sur Madagascar, plusieurs expérimentations ont été réalisées dans le domaine de la pisciculture :

- Les différents milieux d'élevage : eau de mer, eau douce, rizières, étangs et cages
- La gestion de l'élevage : la densité d'empeisonnement, la période d'élevage
- L'élevage de différentes espèces : la Carpe, le Tilapia, l'Anguille...
- Différents types d'aliments pour les poissons
- La production d'alevins le grossissement et l'amélioration des souches de géniteurs

Région ATSIANANA

La quantité de poissons produite par la pêche maritime n'est pas suffisante pour satisfaire la demande. Il faut donc encourager la production de poissons d'eau douce à travers la pisciculture. La Région Atsinanana dispose de sites favorables à la pisciculture : des étangs, des canaux naturels pouvant accueillir des cages mais également des rizières. Ici, beaucoup d'entrepreneurs sont actifs dans le domaine de la pisciculture. Beaucoup d'infrastructures sont prêtes à accueillir des formations. Il est donc possible de développer la filière piscicole dans la Région Atsinanana. Ici, beaucoup des gens sont intéressés par la pisciculture, mais le manque de connaissances dans ce domaine freine le développement de cette activité. Différents organismes d'appui à la pisciculture sont cependant présents dans la région :

- Le SRPRH Atsinanana
- L'APDRA, en collaboration avec la Région Atsinanana et la Basse Normandie
- Différents organismes de développement rural : ODDIT, CARE, CITE ou encore SAF FJKM
- Les instituts de micro-finance comme OTIV pouvant apporter un appui financier

Le marché du poisson est encore vaste, la demande de la ville de Tamatave n'est pas satisfaite.

Nous incitons les personnes intéressées par la pisciculture à s'investir dans cette filière d'avenir.

FIOFANANA FAMOKARANA ZANA-TRONDRO

Brice Even
AFDI, Tetikasa fametrahana ny CSA

Niasa tamin'ny volana jona 2009 ny Ivontoerana Fandraharahana ny Asam-pamokarana eto Matsiatra ambony, ary nanomboka ny asa fampifandraisana ny famaliana ny fangatahan'ny tantsaha sy ny tolotra fandraharahana. Noho izany indrindra no nanomezana fiofanana mandritra ny 10 andro ny fikambanana fototra Fitia Miray, ao Nasandratrony Distrika Isandra mikasika ny famokarana zana-trondro.

Ny fikambanana tsy ara-panjakana Fitia Miray dia efa niompy trondro hatry ny ela saingy manana olana hatrany eo amin'ny fananana zana-trondro. Noho izany indrindra no nametrahan'ny fangatahana fiofanana mikasika ny fampiterahana sy famondrahana trondro teo anivon'ny CSA Isandra. Rehefa azo io fangatahana io dia nanao tolotr'asa teo amin'ny CSA ka ny ANAE no voafidy hanatanteraka izany rehefa neken'ny FRDA ny famatsiam-bola satria tsy mamatsy tolotr'asa ny CSA fa manamora ny fandraharahana fotsiny ihany araka ny kisary eo ambany.

Marihana fa tsy mamatsy afa-tsy ny saran-dany amin'ny fiofanana ny FRDA fa ny fikambanana fototra no miantoka ny fitaovana rehetra hiaingana amin'ny sehatr'asa. Io fandraisana anjara io no manamarina ny fahavitrihan'ny fikambanana, ny antoka omeny ary fepetra manan-danja mba hahazahoana famatsiana eo amin'ny FRDA.

Ny fiofanana mandritra ny volana septambra sy oktobra dia mijery ireo fitsipika fototra amin'ny fampiharana ny fiompiana: ny fananganana ny dobo, ny fitantanana ny fampiterahana sy ny sakafo ka misy ny fandaharan'asa napetraka.

Misy fiofanana teoria sy fampiharana eny an-tsaha ny fiofanana rehetra. Misy tekisianina miaraka amin'ny tantsaha hatrany am-boalohany. Misy fizohiana maro ataon'ny tekisianina ANAE eny anelanelany eny mba hahitany raha mampihatra marina ny fiofanana ny mpikambana na tsia sy hijerena ny fahombiazan'ny fiofanana.

Ny tanjon'ny fikambanana dia ny hamokatra zana-trondro ho azy ireo, ary hivarotra zana-trondro ao amin'ny tanàna manodidina manomboka ny taom-pamokarana 2010-2011.


APPUI DU CSA D'ISANDRA A LA PRODUCTION D'ALEVINS

Brice Even
AFDI, Projet de mise en place des CSA

Les Centres de Services Agricoles (CSA) de la Région Haute Matsiatra sont opérationnels depuis le mois de juin 2009, et commencent à remplir leur fonction d'intermédiation entre la demande paysanne et l'offre de services agricoles. Ainsi, le groupement Fitia Miray, basé à Nasandratrony dans le district d'Isandra, a bénéficié d'une formation de 10 jours sur la production d'alevins.

Le groupement informel Fitia Miray pratiquait déjà la pisciculture, toutefois il rencontrait des difficultés pour s'approvisionner en alevins. C'est pourquoi il a déposé une demande auprès du CSA d'Isandra pour recevoir une formation sur la production et le grossissement d'alevins. Après avoir reçu la demande, l'équipe technique du CSA a lancé un appel d'offres. Plusieurs prestataires de service ont répondu, c'est finalement l'Association Nationale d'Actions Environnementales (ANAE) qui a été retenue pour dispenser la formation au Groupement. La demande a ensuite été transmise au Fond Régional de Développement Agricole (FRDA) pour obtenir un financement. En effet, le CSA ne finance pas directement les services, pas plus qu'il ne fournit directement le service. On aboutit finalement à un montage tripartite, dans lequel le CSA joue un rôle de catalyseur, comme le montre le schéma ci-contre.

Il faut souligner que le FRDA n'a financé que les frais relatifs à la formation. Tout le matériel nécessaire pour le démarrage des activités a été fourni par le groupement. L'apport du bénéficiaire démontre sa



motivation et son engagement et c'est une condition indispensable pour obtenir un financement de la part du FRDA.

La formation, dispensée aux mois de septembre et octobre, reprend les points fondamentaux de la pratique piscicole : la construction des bassins d'élevage, la gestion de la reproduction et l'alimentation.

Chaque session de formation comprend une partie théorique en salle et une partie pratique sur le terrain. Ceci permet au groupement d'être accompagné par un technicien spécialisé pendant le démarrage de ses activités piscicoles. Le formateur de l'ANAE réalisera ensuite plusieurs missions de suivi pour vérifier que les bénéficiaires appliquent et ont bien assimilé les techniques enseignées.

L'objectif du groupement est dans un premier temps de produire ses propres alevins, puis de commencer à vendre des alevins dans les villages alentours à partir de la campagne 2010-2011.

TEO AMORON'NY FARIHY

Mpiompy trondro iray avy amin'ny boriborin-tanin'Antso

“Resy lahatra izaho mpiompy trondro ao an-dafiantsimon'ny Morondranon'i Fitamalama, ao anatin'ny lembalemban' IKABONA raha nahita ny fampiofanana izay nataon'ny tekisianina taty aminay momba ny fanatsarana ny fiompiana trondro. Tsy fampiofanana an-databatra fotsiny fa tena nampihatra mihintsy teny an-tanimbary. Hita taratra teo amin'ny vokatra zana-trondro fa dia nahomby dia nahomby tokoa ny ezaka natao na dia vao volana vitsy monja aza no nampiharana izany. Tsy mipetraka fotsiny amin'ny zana-trondro anefa izahay fa efa manomboka sahady amin'ny fanatavizana ihany koa.”
Atolony am-pifaliana ho antsika mpamaky ity tononkalo ity he-noany izany faharesen-dahatra izany.

“Tao anaty haizim-pito Nisy masoandro nibaliaka, Hibanjinana ny ampitso; Hanazavana ny haizintsika.

Tao amoron'ny dobo Na hamoron'ny farihy; Famitanana mandrombo Nahasarika mpitia.

Ao anaty rano ao Misy harena sarobidy Ampahafantariko anao Tena vola raha amidy.

Tetikasa fiompiana Trondro karpa io ; Hay ve taty aoriana Misy fomba mahaliana !

Nazavain'ny tekisianina Tamin'ny fomba hafa kely, Raha tena hampiharina Dia haomby sy hanan-kery.

Fiarovana amin'ny fahavalon' Ny trondro ry zareo Dia mampitombo sy mahamaro Ny fiharin-karenareo.

Renin-trondro iray ihany Dia miteraka aman'hetsiny Raha hainao hatrany Ny manaraka ny fihetsiny.

Vetivety foana indray Dia azo atavizina Toy ny karpa milay Sady tsara hotehirizina.

Ny harena mora hita Raha ny fiompiana trondro Resy lahatra nahita Ka niezaka aho nanondro.

Miezaha hatrany hatrany Ô ry namako hajaina ! Fa ny fiompiana trondro izany Tetikasa no ilaina.

Resy lahatra izaho mpiompy Dia nanoratra ho anao, Manatona ireto zoky Dia hampiany izay atao.

Fa ny tombontsoa Dia harena tsy mety lo Hozaraiko aminao Tiavo tsara sy hajao.

Misaotra anao ry mpamatsy vola Sy ireo tekisiana Hoentinay tsy hiamboana Fa tena olona nanarina.”

AU BORD DE L'ÉTANG

Pisciculteur d'Antso

Convaincu suite à la formation sur la production d'alevins dispensée par l'APDRA par l'intermédiaire de BVPI SE/HP, ce pisciculteur novice nous livre déjà ses projets d'avenir sur la rizipisciculture à travers ce poème.

Dans l'obscurité de nos chemins Un soleil luit Il illumine nos lendemains, Et éclaire nos nuits

Au bord de l'étang Ou au bord de la rizière, C'est un vivier étonnant Qui attirerait la ville entière

Et dans l'eau, tu ne sais pas ? Il y a un merveilleux trésor Je partage cela avec toi, C'est une fortune si on l'honore !

C'est un projet important D'élever des carpes, en rizière ou en étang De façon traditionnelle jusqu'à présent, De nouvelles techniques sont disponibles maintenant

Le technicien les explique D'une façon spéciale, Et si on les applique La réussite est totale

La protection contre les ennemis, Des poissons, mes amis, Permet d'augmenter la quantité de nos produits, Et améliore notre économie

Un géniteur femelle seulement

Peut donner des milliers d'alevins Si tu sais observer ses mouvements Elle pondra dans les jours prochains

Une fois les alevins récoltés, Il est facile de pratiquer Le grossissement des carpes écaillées Que l'on pourra consommer

La fortune est facile à posséder Par l'élevage des cyprinidés, De cela, je suis persuadé Alors, je n'hésite pas à le partager

Continuez vos efforts Vous, mes chers amis La pisciculture est en plein essor, C'est un projet qui réussit

Le poisson, nous le connaissons bien, Maintenant c'est à toi D'approcher les techniciens Pour qu'ils t'aident où que tu sois

Les avantages que l'on reçoit De ce trésor permanent Nous les partageons avec toi A toi d'élever des poissons maintenant

Un grand merci à ce projet Et aux techniciens qui nous ont appuyés, Dans les rizières désormais, Beaucoup de pisciculteurs sont formés

Nitady toko izahay ka sendra vato

Fikambanana Reny Fanantenana - Masomanga-Fkt Masomanga- CR Inanantonana

Niandoha tamin'ny fikambanam-behivavy ny Reny Fanantenana. Niantomboka tamin'ny voly vary an-tanety izany ka nihitatra amin'ny fiompiana trondro ankehitriny noho ny fanohanan'ny BVPI SE/HP. Ny tanjona moa dia ny hanampy bebe kokoa hatrany ny vola miditra ao amin'ny fianakaviana.

Tao aorian'ny fanafanana teo amin'ny fiompiana trondro nataon'i APDRA tamin'ireo mpikambana dia nisy fivoarana sy dingana lehibe vitan'ny fikambanana. Anisan'izany ny fifehezana ny fomba fampiterahana ny trondro karpa sy ny fanamboarana dobo manara-penitra ary ny fitaizana sy ny fanabeazana trondro. Ankoatra izay dia efa mamatsy zana-trondro ho an'ny fokontany telo amin'ny fokontany enina ny Fikambanana. Tsotra ny mahatonga izao fahombiazana izao dia ny fanarahana ny fomba fiompiana nampianarina nandritra ny fiofanana fampiterahana. Tsy natao ambanin-javatra koa ny fikarakarana ny renin-trondro sy ny lahin-trondro mialoha, izany hoe ny fampisarahana toerana ary ny famahanana azy ireo.

Mitombo hatrany izao ny habetsaky ny zana-trondro vokatra tao aorian'ny fampiharana voalohany.

Ny olana misy sy ny vahaolana

Ny tanjona voalohany ho an'ny mpikambana aloha dia ny hanatavy amin'ny tanimbarin'ny tsirairay. Noho ny habetsaky ny zana-trondro sy ny tsy fampian'ny toerana fanatavizana anefa dia tsy maintsy mivarotra. Hita anefa fa tsy maharaka ireo mpividy zana-trondro na dia teo aza ny fiofanana fanatavizana trondro nataon'ny APDRA amin'ny fokontany telo teto amin'ny Kaomina. Vaha-olana noraisina dia ny fifampiresahana sy ny fampahafantarana ataon'i Reny Fanantenana amin'ny mpiompy trondro any amin'ny tanàna ivelan'ny-Kaomina.

Tsara raha mahay sy matihanina amin'ny fanatavizana trondro izahay mpikambana Reny Fanantenana saingy miankina amin'ny fiezahan'ny tsirairay. Fanirianay ny hifanankalo traik'efa amin'ireo mpiompy trondro manerana ny nosy ary tsy andrinay ny fahatongavan'ny “voyage d'étude” handratovana traik'efa hatrany sy hifampizarana ny zava-misy.

Nous avons saisi une bonne occasion

Reny Fanantenana, Masomanga- Fkt Masomanga, CR Inanantonana

Initialement, l'association Reny Fanantenana était une association de femmes. Les activités de l'association ont débuté par la culture de riz pluvial. Par la suite, avec l'appui du projet BVPI SE/HP, elles se sont étendues à la rizipisciculture, dans l'objectif d'améliorer les revenus des familles membres.

Nous, l'association Reny Fanantenana, pratiquons déjà l'élevage des poissons, mais depuis notre participation aux formations dispensées par l'APDRA, par l'intermédiaire du projet BVPI SE/HP, nous commençons à maîtriser les techniques de production d'alevins et de grossissement de la carpe commune. Grâce à la réussite de la première ponte, l'association a déjà fourni 400 alevins dans trois fokontany de la Commune. Grâce aux techniques enseignées lors de la formation, et à la préparation des géniteurs (alimentation et séparation des mâles et des femelles) les pontes suivantes ont également été réussies. A chaque ponte, nous améliorons nos pratiques et nous obtenons maintenant plus d'alevins que lors de nos débuts.

Les problèmes rencontrés et attentes

En ce qui concerne la production d'alevins, notre premier objectif est que chacun des membres puisse empoissonner ses propres rizières. Cependant nous avons obtenu beaucoup d'alevins et nous ne disposons pas d'espace suffisant pour qu'ils grossissent de façon convenable. Nous sommes donc obligés d'en vendre une partie, mais les clients sont peu nombreux, malgré les formations sur le grossissement dispensées par l'APDRA dans différentes zones de la Commune. L'association doit maintenant communiquer sur ses activités et se faire connaître des pisciculteurs des Communes alentours. Nous souhaitons que chacun des membres de l'association fournisse les efforts nécessaires pour maîtriser totalement les techniques de production d'alevins et de grossissement.

Par ailleurs, nous attendons impatiemment de participer à des voyages d'étude, afin d'échanger nos expériences avec des pisciculteurs de toute l'île.

«Azoko ihany ny fiofanana, mazava loatra ny fahasamihafana»

Rakotomanantsoa Fleury - Andohavary - Fkt Antanety sud - CR Inanantonana

Mpampiteraka trondro azo lazaina fa efa ela ny tenako saingy tamin'ny fomba nentim-paharazana ihany aloha hatreo. Efa nanana faniriana ny ho matianina saingy tsy nisy fiofanana. Taty aoriana dia tonga ny BVPI sy ny APDRA, tena tao amin'ny iriko indrindra izany satria "nitady toko aho ka sendra vato".

Tokony hampiteraka aho ny 11 septambra teo nefa naheno fa atao ny 12 septembre ny fiofanana fampanatodizana trondro dia aleoko

nahemotra ny fampiterahana fa te -hampihatra ny fiofanana. Nanomboka ny 21 septambra no nanao fampiterahana manaraka ny fomba vaovao. Hita fa tena mahomby tokoa ny fiofanana satria tsapako fa hay tsy voatery ho horom-potsy ihany no afaka atao talatalana fampanatodizana fa ao koa ny redretra, ny tsikafona. Zava-baovao ihany koa ny fahafantarana ny sakafo ho an'ny trondro kely toy ny sakafo voa-janahary azo avy amin'ny bozaka sy ny zezika. Raha nanome zavatra izay hita teny ho an'ny zana-trondro taloha dia efa manatsara ny sakafo voa-janahary fotsiny kay dia mety.

Hita fa hafa tanteraka ny vokatra aloha sy ao aorian'ny fiofanana. Ohatra azo raisina amin'izany ny isan'ny zana-trondro vokatra. Reni-trondro 18 no nampanatodizako taloha ary 10 kosa ankehitriny nefa dia mitovy ny isan'ny zana-trondro azoko avy teo. Hita ihany koa fa ankoatran'ny habetsany dia tsara ihany koa ny fitombon'ny zana-trondro noho ny fanatsarana sakafo voa-janahary. Fomba fanaoko mantsy ny mpampiteraka volana septambra dia mivarotra desambra, zana-trondro 2 sm no amidy amin'izany. Tamin'ity taona ity zana-trondro 3-4 sm no azoko amin'io fe-potona io. Mazava ho azy fa tsy mitovy ny vidiny noho izay habeny tsy mitovy izay: 30 Ariary isany lasa 70 Ariary amin'izao fotoana izao.



Fampiofanana momba ny fanajariana ny fampiterahana karpa.
Formation sur l'aménagement dans la production d'alevins.

«Tout vient à point pour qui sait attendre»

Rakotomanantsoa Fleury - Andohavary - Fkt Antanety Sud - CR Inanantonana

Depuis plusieurs années, je pratique la production d'alevins de carpe commune de façon traditionnelle. Pendant longtemps, j'ai attendu la mise en place de formations sur cette thématique. Et puis sont arrivés BVPI SE/HP et l'APDRA. « Tout vient à point pour qui sait attendre », dit le proverbe.

Initialement, j'avais prévu de réaliser ma première reproduction le 11 septembre. Par la suite, j'ai été informé de la tenue

de la formation le 12 septembre, j'ai donc décalé ma programmation afin d'appliquer directement les techniques apportées. Mes premières pontes se sont donc déroulées le 21 septembre. Déjà, je constate de meilleurs résultats. Auparavant j'utilisais des herbes pour la réalisation des supports de ponte. A présent, je sais qu'il est possible d'utiliser d'autres végétaux : le redretra ou encore les jacinthes d'eau. Maintenant, je possède plus de connaissances en ce qui concerne l'alimentation des larves et des alevins, je sais comment développer la nourriture naturelle en utilisant du foin et du fumier. Auparavant, je distribuais n'importe quels aliments à mes alevins, maintenant, j'améliore le développement de la nourriture naturelle,

et j'obtiens de meilleurs résultats. Pour preuve, j'obtiens à présent le même nombre d'alevins en utilisant seulement 10 géniteurs, alors qu'auparavant, je réalisais 18 pontes. Par ailleurs, la croissance des alevins s'est fortement améliorée. Chaque année, en 3 mois d'élevage, je ne récoltais que des alevins de 2 cm. Cette année, j'ai obtenu des alevins de 3 à 4 cm en trois mois. Aussi, ces alevins plus grands peuvent se vendre à un prix plus élevé : 70 Ar contre 30 Ar pour ceux de 2 cm.

Taratasin'ny mpamaky

Courriers des lecteurs

Chers lecteurs de LA VOIX DES (RIZI)PISCICULTEURS !

Une rubrique «Annonces Diverses» continue dans le prochain numéro pour vous permettre de diffuser des lettres diverses dans le domaine de la pisciculture.

Contactez dès maintenant au 44 915 85 ou à notre bureau APDRA à «La Résidence Sociale», en face de la Cité Volavita Antsirabe. Vous pourrez également envoyer vos annonces à l'adresse : journal.LVRP@moov.mg

Ry mpamaky hajainan'ny gazety NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO !

Mitohy ny pejy manokana ho an'ny taratasin'ny mpamaky amin'ny gazety manaraka. Hahafahanareo mpamaky mandefa taratasy isan-karazany mikasika ny fiompiana trondro izany.

Miantso dieny izao ny 44 915 85 na manatona ny birao APDRA ao amin'ny «La Résidence Soaciale», ampitan'ny Cité Volavita Antsirabe. Afaka tonga dia mandefa ny hafatra ihany koa ao amin'ny adiresy mailaka : journal.LVRP@moov.mg

FILAZANA

ANNONCE

Chers lecteurs de LA VOIX DES (RIZI)PISCICULTEURS !

Si le besoin se présente, une rubrique « Annonces Diverses » verra le jour dans le prochain numéro pour vous permettre de diffuser des messages publicitaires et diverses demandes dans le domaine de la pisciculture.

Contactez dès maintenant au 44 915 85 ou à notre bureau APDRA à «La Résidence Sociale», en face de la Cité Volavita Antsirabe. Vous pourrez également envoyer vos annonces à l'adresse : journal.LVRP@moov.mg

Ry mpamaky hajainan'ny gazety NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO !

Raha misy ny filàna dia hisy pejy manokana ho an'ny « Filazana Isan-karazany » amin'ny gazety manaraka. Hahafahanareo mpamaky mandefa dokam-barotra sy tinady isan-karazany mikasika ny fiompiana trondro izany.

Miantso dieny izao ny 44 915 85 na manatona ny birao APDRA ao amin'ny «La Résidence Soaciale», ampitan'ny Cité Volavita Antsirabe. Afaka tonga dia mandefa ny hafatra ihany koa ao amin'ny adiresy mailaka : journal.LVRP@moov.mg

**NY HABETSAKIN'NY TRONDRO
AMPIDIRINA AO AMIN'NY
TOERAM-PIOMPIANA (HAKITROKA)**

Ny tanimbary na dobo dia samy manana ny fahalonahany. Maro ny antony mahatonga izany. Anisan'izany ny :

- voly nambolena teo aloha teo amin'ilay toerana
- ny zezika nampiasaina tamin'ny fambolena
- ny toetry ny tany
- ny toetran'ny rano miditra ao aminy

→ **Noho izany, samy manana fahafaha-mamokatra trondro voafetra ara-boajanahary ny dobo sy ny sombintany tsirairay.**


Ny hakitroka dia ny isan'ny trondro hita ao amin'ny toerana iray izay fantatra ny velarany. Ny hakitroka voalanja tsara dia afahan'ny mpiompy trondro iray mitrandraka tsara ny toerana iompiany, ahazoany vokatra tsara sy betsaka.

Ahoana àry no ahitana io hakitroka tsara io ?

Raha mampiditra trondro vitsy dia :

- Mahazo trondro vaventy,
- Fa tsy voatrandraka araka ny tokony ho izy ny toerana ananana

→ afaka mampitombo tsara ny vokatra amin'ny ankapobeny anefa raha ampi-tomboina ny isan'ny trondro ompiana.



Raha mampiditra trondro maro loatra indray dia :

- Mamokatra trondro kely vatana
- Mampiasa tafahoatra ny fahafaha-mamokatra ara-boajanahary ny famokarana tian-katao

→ afaka hatsaraina ny vokatra raha ahenana ny isan'ny trondro ompiana.




**Mampiditra trondro eo
anelanelan'ireo isa ireo dia :**

- Ahazoana trondro vaventy
- Voatrandraka tsara ny toerana ananana

→ mahazo lanjan-trondro faran'izay betsaka eto ilay mpiompy.

Rehefa fantatr'ilay mpiompy trondro ny hakitroka tsara ho an'ny toeram-piompiany dia afaka mampitombo ny vokatra ho betsaka kokoa izy amin'ny fampitombona ny sakafon'ny trondro : manatsara ny sakafo ara-boajanahary na manome sakafo artifisialy.



**LA DENSITÉ
D'EMPOISSONNEMENT**

Chaque étang ou rizière possède une certaine fertilité. Elle dépend de plusieurs paramètres :

- Les cultures précédentes qui y ont été pratiquées et
- La fertilisation apportée à ces cultures
- La qualité du sol
- La qualité de l'eau

→ **Chaque parcelle ou étang va donc être capable de produire une certaine quantité de poisson de façon naturelle.**

La densité est le nombre de poissons présents dans une parcelle d'une certaine surface. La densité optimale est celle qui permet, avec les moyens dont dispose le pisciculteur, d'utiliser au mieux la capacité de la parcelle et d'obtenir la quantité totale maximale de poissons récoltés

Comment trouver la densité optimale ?

En introduisant un faible nombre de poissons

- On obtient de gros poissons,
- Mais la capacité de la parcelle n'est pas totalement utilisée

→ Il est possible de récolter une quantité totale plus importante en augmentant le nombre de poissons introduits.

En introduisant un trop grand nombre de poissons

- On obtient de petits poissons
- On utilise plus que la capacité de la parcelle

→ Il est possible de récolter une quantité totale de poisson plus importante en diminuant le nombre de poissons introduits

En introduisant un nombre de poissons intermédiaire

- On obtient de gros poissons
- On utilise la capacité totale de la parcelle

→ Le poids total de poissons récolté est maximal

Une fois que le pisciculteur a trouvé cette densité optimale, s'il souhaite produire une quantité totale de poissons plus importante, il devra augmenter la quantité de nourriture disponible pour ses poissons : apporter une fertilisation ou distribuer des aliments.